
# Nahoana no manana Fiangonana ny Mpamonjy?

1. Vakio ireto teny nambara manaraka ireto ary tsipiho ny antony ananan'ny Mpamonjy Fiangonana.



Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny dia naorina mba hampianarana ny fahafenoan'ny fotopampianarany ary hanatanterahana fotoam-bavaka miaraka amin'ny fahefan'ny fisoronany hoentina hanatontosana ôrdônansy ilaina mba hidirana ny fanjakan' Andriamanitra. Ny mpikambana izay tsy miangona any am-piangonana fa miankina fotsiny amin'ny ara-panahin'ny tena manokana dia manasaraka ny tenan'izy ireo amin'ireo zavatra tena manan-danja ao amin'ny filazantsara: ny hery sy ny fitahian'ny fisoronana, ny fahafenoan'ny fotopampianarana naverina amin'ny laoniny, ary ireo antony sy fahafahana tokony hampiharana izany fotopampianarana izany. (Dallin H. Oaks, "Ny ilàna Fiangonana," *Liahona*, nôv. 2021, 25)



Taorian'ny apôstazia sy ny fisaratsarahana nisy tamin'io Fiangonana natsangany fony izany teto an-tany io dia nanangana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy indray ny Tompo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Mbola mitoetra ilay tanjona taloha, dia ny hitory ny vaovao mahafalin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny hanatanteraka ireo ôrdônansin'ny famonjena—izany hoe hitondra ny olona ho ao amin'i Kristy. Ary ankehitriny, amin'ny alalan'ny fampiasana ny rafitra misy ao amin'io Fiangonana naverina tamin'ny laoniny io dia afaka ny ho azo ilay fampanantenana fanavotana na dia ho an'ny fanahin'ireo maty izay nahalala kely na tsy nahalala na inona na inona mikasika ny fahasoavan'ny Mpamonjy aza. (D. Todd Christofferson, "Nahoana no ilaina ny Fiangonana," *Liahona*, nôv. 2015, 108)

Manorata famintinana fohy ny zavatra nianaranao avy amin'ireo teny nambara mikasika ny antony ananan'ny Mpamonjy Fiangonana eto an-tany ireo.

2. Nivoaka vao voalohany vao haingana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fotoana nanorenana ny Fiangonana tamin'ny aprily 1830. Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:9–36, ny Tompo dia nanamafy fahamarinana maro izay ampianarina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

   Halalino ireto andian-tsoratra masina manaraka ireto, ka tadiavo ireo fahamarinana manan-danja nampianarin'ny Mpamonjy momba ny Tenany sy ny fotopampianarany. Hevero ny hampiasa ny fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy ho an'ireo soratra masina ireo mba hanampiana amin'ny fitadiavana fampahalalana manan-danja.

   Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:8–15 (Ny Bokin'i Môrmôna sy ny anjara asany amin'ny Famerenana amin'ny laoniny)

   Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:17–25 (Ny drafitry ny famonjena)

   Misafidiana roa na maromaro amin'ireo fahamarinana izay nohalalininao. Soraty ny antony hiheveranao fa zava-dehibe ny fanamafisana ireo fahamarinana ireo rehefa naorina ny Fiangonana.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_111-1